grandprof.net

# LAZA ADINA 1

**LAZA ADINA I** : Tsy maintsy atao

Fanontaniana

1. Inona avy no mahakanto ity ampahan-tononkalo ity? (valiny 3)

   Izao no finoako ato anatiko ato
   Na mbola mijaly aza aho ka misaona
   Tsy misy havandra hijanon-ko vato
   Tsy misy ririnina mandavan-taona

   RADO

   (fanampiny omen'ny mpampianatra: "Fasana faharoa", RABEARIVELO)

2. Milazà antony telo mahatonga ny Malagasy hatahotra ny tody.

**LAZA ADINA II:** Isafidianana ny A sy B

**A. Famakafakan-kevitra**

Hoy ny mpandinika iray: "mamolavola ny olona hanome hasina ny razana ny literatiora"

Fakafakao sy tsikerao.

**B. Fanadihadiana lahatsoratra**

Tahaka ny lala-malama ny tsiny: ny langa famindra tsy maintsy solafaka!
Toa vainafo mivaivay ny tsiny: izay mambomba azy tsy maintsy may.
Rafotsibe mamangy misasakalina ny tsiny, ka tsy mitondra ny "soava tsara"! fa mivongika ny "matesa itena!"
Fa raha afa-tsiny kosa mantsy,dia andairan-kasina, ambinin-tso-drano.
Izay atao mety avokoa: fa ny sahobakaka no mampidi-dranon-ketsa, ny sakivy no manorotoro bainga, ny trandraka no miasa baiboho.

ANDRIAMANALINA ROMBALAHIVOLA,
Fanambadiana Malagasy,
Tak.33-37

Hadihadio